# GAZETY AFAFi

Antoka ho an'ny FAhasalaman'ny Fianakaviana

" Tambatra no atao, hitsinjovana ny fahasalamantsika "

Mutuelle de santé

AFAFi sy ny asa fampandrosoana . . . . . . . P 2
Fiaraha-miasa . . . . . . . . . . P 3-4
Fijoroana Vavolombelona . . . . P 5
Tononkalo. . . . . . . . . . . . . . P 6
AFAFI an-tsary . . . . . . . . . . . P 7
Torolalana Dokotera . . . . . . . . P 8

## Atrikasa 2025 niarahana tamin'ireo Vondrona sy toeram-pitsaboana mpiara-miasa

Pejy 02



## LAHATENIN'NY TALEN'NY AFAFi — Felaniaina *RAZAFINJATOVO*



Ry mpikambana sy mpiara-miasa hajaina,

Amin-kafaliana no hiarahabako sy hitafatafako aminareo amin'ny alalan'ity gazetin'ny AFAFI ity. Nanomboka hatramin'ny taona maro izay, niara-niasa isika mba hanatratrarana tanjona iray lehibe : ny hahafahan'ny fianakaviana marefo tsirairay miditra sy mahazo fitsaboana mendrika sy sahaza.

Tsara ny mampatsiahy fa ny fivodronantsika mpisitraka no antom-pijoroan'ny fikambanana. Ny fidiranareo ho mpikambana sy ny fandraisanareo anjara no tena manampy hahafahana manohy manome fiantohana ara-pahasalamana mifanaraka amin'ny filàn'ny tsirairay. Ny fandoavana ny latsak'emboka, ny fanavaozana izany ary ny fandraisana anjara amin'ny hetsika rehetra dia manamafy ny firaisankina eo amin'ny fianakaviana ka hahafahan'ny tsirairay mahazo fitsaboana amin'ny fotoana ilainy izany.

Noho ny fitokisana sy ny fandraisana anjara avy aminareo, afaka nampivelatra ireo tambajotrana mpiara-miasa izahay, nanamafy ny tolotra ary nanampy ireo mpisitraka maro hatrany. Ireo mpiara-miasa eny amin'ny tobim-pahasalamana koa dia tena manana anjara toerana lehibe amin'ny fandraisana sy fanomezana fitsaboana mifanaraka amin'ny filàn'ny mpikambana.

**RAZAFINJATOVO Felaniaina**
Tale Nasionalin'ny AFAFI

https://afafi-mutuelle.mg
AFAFi-Mutuelle de santé
acceuil.afafi@gmail.com
+261 33 11 043 42
Villa Longue Vie IIL 10C Ankadivato

ATIA
Actions de Terrain, Intégration, Autonomie


# BIRAO FOIBE VAOVAO AFAFi

Nanomboka tamin'ny Décembre 2024 dia nifindra ao amin'ny Villa longue vie Lot II L 10 C Ankadivato ny birao foibe n'ny AFAFI – Mutuelle de santé ary tsy misy fiovana fa mivoha toy ny mahazatra hatrany ny Birao:

- Andro fisokafana: Ny alatsinainy hatramin'ny Zoma
- Ora fandraisana: Amin'ny 08 ora maraina ka hatramin'ny 04 ora hariva.

Afaka miantso amin'ny laharana 033 11 043 42 isika raha mila fanazavana fanampiny.
Toy izao manaraka izao ny torolalana hahitana ny biraon'ny AFAFI :

Liantsoa






## ATRIKASA 2025 NIARAHANA TAMIN'IREO VONDRONA SY TOERAM-PITSABOANA MPIARA-MIASA

Isa-taona ny AFAFI dia mikarakara atrikasa anankiroa samy hafa iarahana amin'ireo mpiara-miasa misehatra eo amin'ny fahasalamana ary ny fikambanana mpiara-miasa. Fa tamin'ity taona ity no niavaka indrindra satria natambatra tamin'ny fotoana anankiray ny fihaonana tamin'izy roa tonta ireo. Izany dia notanterahina tao amin'ny "AKADEMIA MALAGASY" Tsimbazaza ny Zoma 18 jolay 2025 lasa teo. "Mahay mifampihaino mba hahay hiara- hiasa: hatsaraina hatrany ny fifandraisana eo amin'ny AFAFI, ny fikambanana mpiara-miasa ary ireo toeram-pitsaboana mpiara-miasa" no lohahevitra niompanan'ny atrikasa. Ny hisian'ny fifanatonana eo amin'ireo mpisehatra ireo no tena tanjona tamin'ity atrikasa ity mba hahamora kokoa ny fifanakalozan-kevitra sy ny fifampihainoana.
Nomarihana tamin'ny fanamarinam-pahatongavana ny fanombohan'ny fivoriana ary indrindra ny fanolorana mari-pahatsiarovana ireo mpandray anjara tsirairay avy.
Natomboka tamin'ny lahateny fiarahabana sy fampidirana nataon'ny Tale Nasionalin'ny AFAFI ny fihaonana. Notohizana tamin'ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy nataon'ny solontenan'ny DRSP na "Direction Régionale De la Santé Publique"izay tonga nanome voninahitra sy handray anjara tamin'ny atrikasa.
Nandritra ny atrikasa no nanatanterahana ny tatitra momba ny asa vita nandritra ny taona 2024 hatramin'ny volana May 2025, fijoroana vavolombelona nataon'ireo mpikambana, asa isam-bondrona izay nandinihana manokana ireo olana sy sakana eo amin'ny AFAFI sy ireo mpiara-miasa, ny vahaolana mifanaraka amin'izany, ny fampatsiahivana ny andraikitry ny tsirairay ary ny soso-kevitra hanatsarana ny fifandraisana sy ny fiaraha-miasa. Narahana tatitra isam- bondrona niaraka tamin'ny fanontaniana izany. Nafana ny fandraisana anjara sy ady hevitra tamin'ireo mpikambana isam-bondrona izay nisy solontenan'ny mpikambana mpisitraka, ny dokotera mpiara-miasa na miankina izany na tsy miankina, ny avy amin'ireo Hopitaly, Laboratoira, Farmasia mpiara-miasa...satria tokoa mantsy io no fotoana nahafahana mizara ny olana eny ifotony mahakasika ny lohahevitra sy ny mety ho vahaolana mifandraika amin'izany. Fotoana ihany koa nahafahan'ny AFAFi nampahafantatra sy nampahatsiahy ireo mpiara-miasa ara-pahasalamana sy mpiara-miombon'antoka tamin'ireo mpisitraka. Taratra tamin'ny fahavitrihana teo amin'ny fandraisana anjara ny fahatsapana ny maha-zava-dehibe ny fiantohana sy ny fiaraha-miasa ka tsy nahatsapan'ny rehetra fa efa tonga sahady ny fotoana hisarahana.
Nofaranana moa izany tamin'ny fisaorana nataon'ny Tale Nasionaly ny AFAFI sy ny famaranana tamin'ny fomba ofisialy izay notanterahin'ny solontenan'ny Ministeran'ny fahasalamana, ary taorian'izay dia nisy ny sakafo maivana niarahan'ny mpandray anjara rehetra.
Fisaorana sy fankasitrahana no atolotra antsika rehetra tonga namaly ny antso na ireo tsy afaka noho ny antony manokana tamin'ny fandraisana anjara, ny sosokevitra, ny fifampizarana izay hahafahana manatsara hatrany ny fiaraha-miasa sy ny fandraisana an-tànana ireo mpikambana.
Maro moa ireo hevitra nivoitra sy soso-kevitra naroso izay hodinihin'ny ekipan'ny AFAFi manokana mba hanaovana hetsika ho fanatsarana sy ho fampandrosoana ary ho fanamafisana ny tanjona dia ny hanamorana sy hanamaivanana ny fahafahan'ny mpikambana mitsabo-tena.

## HETSIKA FANAMAFISANA NY FANENTANANA SY NY FANARAHA-MASO IREO MPIKAMBANA

Maro tokoa ny fikambanana miara-miasa amin'ny AFAFI, miisa 18 izy ireo izay miparitaka amin'ny faritra 4 eto Madagasikara dia ny Faritra Analamanga, ny Faritra Matsiatra Ambony, ny Faritra Itasy ary ny Faritra Analanjirofo. Vokatr'ireo fiaraha-miasa ireo dia Fianakaviana mitotaly 8 993 no tafiditra mpikambana AFAFI ka olona miisa 27 763 no afaka misitraka fiantohana.
Tsara ny manamarika fa ny tolotra omen'ny AFAFI ho an'ny mpikambana rehetra dia mitovy avokoa fa manana ny mampiavaka azy manokana ny Faritra Analanjirofo izay tafiditra ao anatin'ny Fiaraha-miasan' ny AFAFI amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka, ny OMS ary ny Fitaleavana misahana ny fiaraha-miasa iraisam-pirenenan'ny MONACO.
Raha tsiahivina ny tanjon'ny AFAFI dia manamora sy manamavaina ny fahafahana mitsabo tena rehefa tojo olana ara-pahasalamana amin'ny fanomezana tolotra ara-bola. Ankoatry ny fiantohana ara-bola sitrahana rehefa manatona ireo toeram-pitsaboana mpiara-miasa amin'ny AFAFI, dia misy ihany koa ny tantsoroka ataon'ny AFAFI. Izany dia ao anatin'ny tolotra ara-tsosialy toy ny fanamafisana ny fanentanana ny mpikambana amin'ny fampiasana ny tolotra AFAFI. Eo ihany koa ny fitsidihana azy ireo isan-tokatrano na eny amin'ny toeram-pivarotany mba hanaraha-maso ny fahasalamany na hiresadresahana amin'izy ireo ny fahafantarany ny AFAFI sy ny tolotra omen'ny AFAFI. Atao mandritr'izany fotoana izany ihany koa ny fanoroana azy ireo ny toeram-pitsaboana mpiara-miasa amin'ny AFAFI izay azony haleha raha tojo tsy fahasalamana izy ireo. Fa ny zava-dehibe, dia misy koa ny fampianarana azy ireo ny fisorohana ny aretina raha hitan'ny mpanentana AFAFI fa ilaina izany.

Narindra

## Fiaraha-miasa miaraka amin'ny vondrona CEFOR : fampatsiahivana ny lamina amin'ny fandoavana ny latsak'emboka

Araka ny fantantsika moa dia efa am-polotaona lasa izay no niara-niasa ny CEFOR sy ny fikambanana AFAFi. Efa maro ihany koa ireo mpikambana nisitraka ny tolotra nomen'ny AFAFi tao anatin'izay fotoana izay indrindra ny fidirana hopitaly. Ny fahafahana misitraka izany fiantohana izany dia amin'ny alalan'ny fandoavana ny latsak'emboka izay mahaantoka ny ankohonan'ny mpikambana misoratra anarana. Amin'ny alalan'izao gazety izao àry no hanararaotana hanamafisana ny fampatsiahivana ny fomba fandraisana izay latsak'emboka alohan'ny mpikambana izay.
Araky ny efa fantantsika moa dia mialohan' ny hahazahoan'ireo mpikambana vola ato amin'ny CEFOR no fotoana handoavan'izy ireo izany latsak'emboka izany. Ny latsak'emboka aloan'ny mpikambana AFAFi ato amin'ny CEFOR moa dia 4.5% ny vola hindraminy, Ny faharetan'ny fiantohana dia efa voafaritra ao anatin'ny taratasy fifanarahana. Mitondra ny karatra maha mpikambana hatrany moa isaky ny mandoa io latsak'emboka io mba hahafahana manoratra ao anatiny ny fe-potoana fiantohana . Marihana fa miverina amin'ilay mpikambana io karatra io herinandro aorian' ny fandoavany latsak'emboka.
Tsara ny mampahatsiahy antsika mpikambana: Ampiasao ny tolotra omen'ny AFAFi satria tombony ho antsika izany ary zon-tsika tanteraka izany tamin' ny alalan'ny latsak'emboka naloantsika.
Mankasitraka indrindra antsika mpikambana rehetra.

Sarobidy

## KAOMININA ANDRANONAHOATRA SY NY FIKAMBANANA AFAFI: FANDRAISANA AN-TANANA IREO FIANAKAVIANA MPIKAMBANA

Ny vaovao mahakasika ny AFAFI sy ny fanamafisam-piaraha-miasa eo amin'ny kaominina Andranonahoatra no hifampizarana amintsika ao anatin'ity lahatsoratra manaraka ity.
Fampatsiahivana kely amintsika moa fa misy Fokontany miisa 3 ao anatin'ny fari-piadidian'ny kaominina Andranonahoatra no hiasan'ny AFAFI, dia ny fokontany Ambaniala sy Ambanilalana ary Ambohimamory. Misy fianakaviana manodidina ny 950 eo ho eo no afaka misitraka ny fandraisana an-tànana ataon'ny AFAFI amin'ireo fokontany ireo nandritry ny telovolana voalohany ny taona 2025.
Noho ny fiaraha-miasa eo amin'ny AFAFI sy ny kaominina Andranonahoatra izay moa dia nisy mpikambana narary miisa 218 voaray an-tànana. Ny 204 tamin'ireo nisitraka fiantohana tamin'ny aretina tsotra rehefa nanatona ireo toeram-pitsaboana mpiara-miasa amin'ny AFAFI, mpikambana 4 nisitraka fiantohana tamin'ny fidirana hopitaly, mpikambana 4 noteraka. Ankoatr'izay nisy mpikambana 6 nahazo fiantohana manokana. Araka izay dia nahatratra 29 % tamin'ireo mpikambana no narary ary voaray an-tànana tamin'ny AFAFI avokoa.
Ankoatr'izay, ho fanatsarana ny tolotra omen'ny AFAFI dia teo ihany koa ny fomba fiasa vaovao napetraka teny amin'ny Fokontany mahakasika ny fanatonana ny AFAFi rehefa haka famerenam-bola. Ho fanamaivanana ny fivezivezen'ny mpikambana fanomezana antoka amin'ny fikirakirana lelavola dia natao amin'ny alalan' ny « Airtel Money » ny famerenam-bola na fidirana hopitaly io na amin'ny aretina tsotra sy ny fiantohana manokana. Izany moa dia natao mba hanamorana sy hanamaivanana ny rotoroton'ireo mpikambana amin'ny fivezivezena maro samihafa, indrindra mba hahafahan'izy ireo manohy ny asany andavanandro hatrany koa.
Eto am-pamaranana dia manamafy amintsika izahay fa mitohy hatramin'ny faran'ny volana desambra 2025 ny fiantohana ho an'ireo fianakaviana izay mahazo tohana na famatsiam-bola amin'ny saran'ny latsak'emboka eo anivon'ireo Fokontany 3 hiasan'ny AFAFi eny amin'ny kaominina ANDRANONAHOATRA.


Dina



## FIARAHA-MIASA AFAFI SY FONDATION MERIEUX (Projet SANDRATRA) : JERY TODIKY NY ASA VITA

Tontosa ny 14 volana mai 2025 lasa teo ny fivoriana niarahan' ny fikambanana AFAFI tamin'ny ireo fikambanana efatra (ONG Hardi, ONG Manda, Centre NRJ ary ny Centre Graine de Bitume) izay tohanan'ny Fondation Merieux. Ireo fikambanana ireo moa dia misehatra amin'ny famerenana ny ankizy an-tsekoly izay efa niala an-daharana ary ihany koa manomana sy manofana ireo tanora ho amin'ny sehatry ny asa. Tsiahivina fa 2 taona sahady izay no niarahan'ny AFAFI niasa tamin'ireto fikambanana ireto.
Ny mpianatra sy ireo ray aman-drenin' ny mpianatra no mahazo ny fiantohana ara-pahasalamana ary ny tantsoroka ara-tsosialy ataon'ny AFAFI. Naseho nandritry ny fivoriana moa ireo antontanisan'ny olona voaray an-tanana nandritry ny roa taona niaraha-miasa. Miisa 227 ny fianakaviana nahazo fitsaboana ary mitotaly 949 ireo fandraisana an-tànana natao. Raha ny fitsaboana tsotra (soins primaires) dia miisa 926 ny isan'ny fandraisana an-tanana, ny isan'ny nahazo fitsaboana tamin'ny fidirana hopitaly indray kosa dia 13 ary ny 6 tamin'ireo dia olona nandalo fandidiana avokoa ,fa tsy kely indrindra dia miisa 6 ihany koa ireo vehivavy niteraka no nahazo fiantohana tamin'ny AFAFI : 3 no niteraka teny amin'ny CSB II mpiara-miasa amin'ny AFAFI ary ny 3 no niteraka teny amin'ny hopitalim-panjakana miara-miasa amin'ny AFAFI .Tena nahafa-po tokoa io vokatra io satria hita taratra fa tena mampiasa ny isam-batan'olona sy ny isa- mpikambanana . Nisy ihany koa ny fakan-kevitra izay natao tamin'ireo mpikambana momban'ny fahafantaran'izy ireo ny tolotry ny AFAFI. Maro tamin'izy ireo no nilaza fa afa-po tamin'ny fandraisana an-tanana izay nataon'ny AFAFI satria manamaivana azy ireo rehefa tojo olana ara-pahasalamana. Maniry hatrany izy ireo ny hitohizan'ny fiaraha-miasa maharitra eo amin'ny fikambanana mpiahy azy ireo sy ny AFAFI.

Narindra



# AFAFi sy ny VONDRONA MIKOLO FIANANKAVIANA : JERY TODIKA SY FANAVAOZANA FIARAHA-MIASA

Ho fanatsarana ny fiaraha-miasa amin'ny AFAFi sy ny Vondrona Mikolo ny Fianakaviana dia nisy ny fihaonana notanterahana ny 08 aogositra 2025 teo niarahan'ny AFAFI sy ny mpikambana tao amin'ny fikambanana Mikolo Fianakaviana ary ireo « Antenne » na solontena isaky ny vondrona fianankaviana mpikambana. Raha tsiahivina dia fikambanana iray izy io izay mamondrona ireo mpikambana izay nivoaka na nifarana ny maha mpikambana azy tao amin'ireo vondrona mpiara-miasa tamin'ny AFAFI nefa te hanohy ny fiantohana avy amin'ny AFAFi izy amin'ny alalan'ny tenany sy ireo olon-tsotra te hisitraka ny AFAFI. Navoitra nandritra izany fihaonana izany ny vokatra azo nandritra ny fiaraha-miasa. Nisy ny fampahafantarana ireo mpikambana ao amin'ny birao mitantana ny vondrona Mikolo Fianakaviana ary nisy ny tatitra nataon'izy ireo tamin'ny mpikambana ao aminy. Nisy ny fifanakalozana teo amin'ny roa tonta ny amin'izay mety ho fanatsarana hatrany ny fiaraha-miasa sy ny fanavaozana ny lamina amin'ny fitohizan'ny fiaraha-miasa. Amin'ny ankapobeny dia afa-po ny amin'ny fiaraha-miasa amin'ny AFAFI ny roa tonta.

Liantsoa



# FANAMAFISANA NY FIARAHA-MIASA MIARAKA AMIN'NYCENTRE KETSA

Ho fanamafisana sy fanatsarana ny fiaraha-miasa dia nisy fitsidihana natao teny amin'ny « centre KETSA » ny zoma 8 sy 22 Aogositra 2025 lasa teo.

Fifampidinihana amin'ny fanatsarana ny fiaraha-miasa sy fanamafisana ny fanentanana izay loha-laharana hatrany amin'ny « AFAFI mutuelle de santé » no votoatin'ny fihaonana narahana fifanakalozan-kevitra niarahana tamin'ireo Ray aman-dRenin'ireo mpianatra izay mianatra ao amin'ny centre KETSA.

Ho fiatrehana ny fandaminana samihafa dia nampatsiahivina tamin'izy ireo ny fotoana fanavaozana ny fidirana ho mpikambana izay hanombokany volana Novembre 2025. Teo ihany koa ny fifampizarana tamin'ireo mpikambana ny fandaminana vaovao mahakasika ny fanavaozana ny fiaraha-miasan'ny AFAFI miaraka amin'ny « Dispensaire ZAZAKELY SAMBATRA ». Nohazavaina tamin'izany koa ny lamina mahakasika ny isan'ny tapakila Vonjy hozaraina arakaraky ny isan'ny olona ao anatin'ny fianakaviana. Natao ireo fandaminana ireo mba ho fanatsarana sy ho fanamafisana ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny « dispensaire » eo anivon'ny centre KETSA.

Ny AFAFI dia manolotra ny teny fisaorana sy fankasitrahana ho an'ireo ekipan'ny centre KETSA sy ny Ray aman-dRenin'ny mpianatra tamin'ny famaliana ny antso sy ny fandraisana anjara.





# TATITRA MOMBA NY FIARAHA-MIASA EO AMIN'NY AFAFI SY NY CSB II AMBANIALA

Ny Alarobia 13 Aogositra 2025 no nanatanterahana ny fihaonana teo amin'ny AFAFi sy ny CSB II Ambaniala hanaovana ny tatitry ny fiaraha-miasa ho an'ny taona 2024 hatramin'ny volana jona 2025. Tonga nanatrika izany ny ekipan'ny CSB II rehetra niaraka tamin'ireo ekipan'ny AFAFIdiany Dokoteran'ny AFAFI sy ny mpanentana. Natomboka tamin'ny fizarana ny vokatry ny fiaraha-miasa nandritry ny taona 2024 ny fotoana, notohizana tamin'ny vinavin'asa ho an'ny manaraka ary narahana dinidinika mahakasika ny olana nosedraina,ny vahaolana sy fanatsarana izany ary ny samihafa. Ankoatr'izay dia naverina nohazavaina tamin'izany koa ny lamina vaovao hatao entina hanamarinana ireo mpikambana AFAFI amin'ny alalan'ny karatra sy ny tapakila hoentiny rehefa mamonjy ireo tobi-pahasalamana mpiara-miasa amin'ny AFAFI izy ireo anisan'izany ny CSB II Ambaniala.

Nisongadina nandritra ny fifanakalozan-kevitra ny tena mampiavaka ny fiaraha-miasa dia ny fandraisana tsara ireo mpikambana sy ny kalitaon'ny fitsaboana omena azy ireo. Noresahana tamin'izany ihany koa ireo fahasahiranana sedrain'ny toeram-pitsaboana, toy ny tsy fahampian'ny fanafody izay tena olana mavesatra mahakivy ireo mpikambana sasany indraindray. Nofaranana tamin'ny tsaingoka sy goka ny fotoana ary fisaorana tamin'ny fiaraha-miasa sy ny mbola hiaraha-miasa hanatratrarana hatrany ny tanjona dia ny hahafahan'ireo mpikambana misitraka fiantohana tsara sy azo antoka.






## MPIKAMBANA AVY AO AMIN'NY VONDRONA CEFOR

Fijoroana vavolombelona nataon'ny mpikambana AFAFI iray no hifampizarana amintsika eto indray.
Izy no Andriamatoa RASOLONIRINA Jeannot Antonny, mpikambana avy ao amin'ny CEFOR Ampitatafika.
Teo amin'ny 7 taona teo izao no naha-mpikambana azy tato amin'ny AFAFI. Araka ny nambarany dia nisy fotoana izy tsy mbola nampiasa AFAFI mihintsy fa teo amin'ny 2 taona teo izao izy no tojo tsy fahasalamana. Matetika izy no nandeha dokotera foana ary tao anatin'izay dia nahazo famerenam-bola tamin'ny AFAFI foana izy. Araka ny fifampizarana nataony dia afaka nisitraka ny fihenam-bidy teny amin'ny farmasia mpiara-miasa izy tamin'ireo fanafody tsy nisy tao amin'ny dokotera. Sady nahazo fihenam-bidy no nahazo famerenam-bola ihany koa.
Nilaza ihany koa izy fa tamin'ny taona 2024 dia narary mafy ary niditra hopitaly mihintsy tamin'izany. Nohon'ny hamehana anefa dia tsy nahatsiaro niantso AFAFI ny fianakaviana fa rehefa nivoaka ny hopitaly izy vao nanao fangatahana ny famerenam-bola tao amin'ny AFAFI. Nisitraka ny famerenam-bola soa aman-tsara izy.
« Tena misaotra betsaka ny AFAFI aho » hoy izy fa tena nanampy betsaka tamin'ny fahasahiranana teo amin'ny fitsaboana ahy ny fisian'ny AFAFI.

Tahina

## MPIKAMBANA AVY AO AMIN'NY KAOPERATIVA HAVAMAD FIHAONANA

Indro hampahafantarina antsika mpanaraka tsy tapaka ity gazety AFAFI ity indray ny mahakasika ny mpikambana avy ao anatin'ny kaoperativa iray any Fihaonana izay mpamboly mananasy miara miasa amin'ny orinasa Havamad.
Raha tsiahivina moa dia misy toerana roa iasan'ny Havamad miaraka amin'ireto kaoperativa ireto dia ny faritra Itasy sy Fihaonana. Ny Havamad moa no miara-miasa amin'ny AFAFI manome ny fiantohana ara-pahasalamana ireo mpamboly ireo.
Eto dia ny fianakavian-dRamatoa RAMANDSON MARIE CELINE sy ireo zanany izay efa samy manana ny tokantranony avy dia: MIHARINAMBININTSOA TANJONIAINA sy RAJAONARISON HERINAMBINA ANDRIAMIHOBY; samy mpikambana avokoa; no mizara amintsika ny tombotsoa azony rehefa niditra ho mpikambana AFAFI. Efa dimy taona izy ireo no mpikambana tato amin'ny AFAFI ary tena mpikambana mavitrika tokoa .
Efa samy nahazo fiantohana ara-pahasalamana avokoa moa ireto fianakaviana ireto teny amin'ny CSB II mpiara-miasa. CSB II teny Ankazobe moa no tena falehany izy ireo ary ny dispensaire FJKM Fihaonana. Efa voaray an -tanana indrindra koa tamin'ny fidirana hopitaly. Ka hoy izy ireo hoe mahavonjy anay tokoa ny fiantohana ataon 'ny AFAFI tamin'ny tsy fahasalamanay ka dia misaotra indrindra ny AFAFI izahay hatramin'izay ka hatramin'izao
.

Fidimanana



## MPIKAMBANA AVY AO AMIN'NY ORINASA "MADE FOR WOMAN"



Raha tsiahivina moa dia roa (2) taona teo izao no nisian'ny fiaraha-miasa teo amin'ny AFAFI sy io orinasa io.Miisa 343 eo moa ireo fianakaviana mpikambana AFAFI ary 1 071 kosa raha ny isan'ny olona mpikambana isam-pianakaviana. Ho fampahafantarana antsika, ny orinasa ""Made for Woman" dia mamokatra asa tanana malagasy vita amin'ny rofia ka vehivavy renim-pianakaviana no maro amin'ireo miasa manatanteraka izany. Arak'izay dia ireo vehivavy ireo sy ny ankohonany no mahazo tombontsoa amin'ny fiantohana ara -pahasalamana avy amin'ny AFAFI, ary ny orinasa no miantoka ny latsak'emboka an'ireto mpiasa ao aminy.
RAZAFIARISOA Sahobiniaina Noelinirina no mitantara amintsika eto ny fahitany sy niainany ny maha mpikambana AFAFI azy. Tena ilaiko hoy izy ny fiantohana ara-pahasalamana omen'ny AFAFI. Na dia tsy marary matetika aza aho dia manana antoka sady milamina ny saiko satria efa eo foana ny AFAFI raha sanatria ka manana olana ara-pahasalamana izaho sy ny ankohonako. Narary nify aho vao tsy ela akory izay dia nanontany ny mpanentana AFAFI. Mifankahita sy afaka miresaka matetika amin'ny mpanentana AFAFI moa izahay satria mahavangivangy anay mpiasa isan-kerinandro izy. Tao anatin'io fotoana io no nitenenako tamin' ilay mpanentan'ny AFAFI ka avy hatrany izy dia nanoro ahy ny mpitsabo tokony halehako izay akaiky ahy. Tsy nisalasala aho nanatona ny mpitsabo mpiara-miasa amin'ny AFAFI ka nahazo famerenam-bola aho sady voatsabo ny nifiko.
Misaotra ny AFAFI ary koa ny Made for Woman hoy izy niara nisalahy amin'ny fahasalaman'ny mpiasa.

Sarobidy

## TONONKALO AFAFi

Ry mpikambana AFAFI
Iriko ianao tsy hiafiafy
Raha misy aretina manafika
Io ny AFAFI ilay mpiantoka
Mamonjy anao tsy miambahamba
Ho salama ianao tomady hahavita hatramin'ny sasalamba


Ry mpikambana AFAFI
Raha misy aretina migafy
Aza sondriana handangolango
Ka hoe mbola vitan'ny ranon'apango
Fa izy anie mamely mangina
Ka mety ho tonga hatramin'ny loza, famoizan'ireo tiana

Ry mpikambana AFAFI
Iriko ianao tsy hangasihasy
Vao tsy salama re ny vatana
Atony AFAFI hikarakara
Tsy solution ny mihenahena
Na hiteny mafy hoe tsisy miandry anie ny tsena

Ry mpikambana AFAFI
Ny mitady sitrany tsy ratsy
F'oviana ny asa vao hitsahatra
Mikiry anio fa mety koa ho lafo hatramin'ny omby ampahitra
Dia diniho ihany izay mahazo ny tena
Fa fahasalamana no voalohankarena

Ry mpikambana AFAFI
Ambarao,etano koa, ireo zanaka aman-jafy
Fa misy tambatra hatao, hitsinjovana ahy sy ianao
Mpitsabo maro miara mientana, mpiaramiasa mampihentana
AFAFI io tsy anganoangano tsy rediredy na koa hoe nofin'ireo mamo
F'izay marary ka manantona, avy hatrany dia voaray fa tsy fangatahana mihantona
tsy ho jerena toy ny sary, fa voahantoka avy hatrany hatramin'ny miditra Hopitaly.











AFAFI
MUTUELLE DE SANTE
" TAMRATRA NO ATAO, HITSINJOVANA NY FAHASALAMANTSIKA "
SERVICES FINANCIERS
18 . 07 . 2025

## MARINA SA DISO

### 1) Marina ve fa tsy mahazo mihinana siramamy mihitsy ny olona diabétique ?

Diso: ny olona voan'ny diabeta dia tsy voatery mandà siramamy tanteraka. Fa tokony hifehy sy hametra ny fihinanana sakafo misy siramamy. Mety mbola afaka misakafo mamy amin'ny fatra kely, indrindra rehefa voalanjalanja ny sakafony sy arahan'ny dokotera.

*Torohevitra : aza misotro ranomboankazo mamy be, safidio ny voankazo voajanahary*

### 2) Marina ve fa mampidina tosi-drà ny tongolo gasy ?

**Marina sy diso miaraka** : ny tongolo gasy dia ahitana akora mahasoa amin'ny fahasalaman'ny fo sy tosi-drà, ary afaka manampy amin'ny fisorohana ny aretina. Saingy tsy fanafody io, ary tsy tokony soloina ny fanafody ara-pitsaboana amin'ny fihinanana tongolo gasy fotsiny.

*Tadidio : azonao atao tsara ny mampiditra tongolo gasy amin'ny sakafo. Fa raha efa voamarina fa manana tosi-drà ianao, mila fanafody sy fanaraha-maso ara-pahasalamana*

### 3) Marina ve fa miteraka homamiadana ny sigara ?

**Marina tanteraka :** ny sigara dia iray amin'ireo antony lehibe indrindra mahatonga homamiadana, indrindra fa homamiadan'ny havokavoka, vava, tenda ary rafi-pisefoana. Ny fandevonan-tena amin'ny sigara dia manimba tsikelikely ny taova rehetra.

*Zava-dehibe : tsy misy fetra azo antoka amin'ny sigara : na kely na betsaka, mampidi-doza foana ary ny olona manodidina dia voakasik'izany ihany koa (fumée passive).*

### 4) Marina ve fa ny vehivavy mitondra vohoka dia tsy maintsy mihinana ho an'ny olona roa?

**Diso tanteraka** : rehefa bevoka dia mitombo ny filana ara-tsakafo ny reny saingy tsy midika izany fa tsy maintsy ampitomboina indroa ny sakafo, izany ary mety mahatonga fahampin-danja tafahoatra loatra ho an'ilay zaza ka lasa loza ho an'ny fahasalaman'ny reny sy ny zazakely

*Zava-dehibe: mihinana sakafo voalanjalanja, manankarena amin'ny "proteine", "vitamine" ary mineraly izay tena ilainy vehivavy mitondra vohoka*

### 5) Marina ve fa rehefa mitsakoahana dia mitàna ny fofon'aina 30 segondra dia afaka ilay izy?

**Marina tanteraka :** ny fitazomana ny fofon'aina mandritra ny segondra vitsivitsy dia manova ny asan'ny taovam-pisefoana sy ny diaphragme izay mampijanona azy.


*Zava-dehibe: misy fomba hafa koa afaka atao toy ny misotro rano haingana na mihinana siramamy kely.*

Dr Evah

## TSARA HO FANTATRA

### NY FEPETRA ILAINA AMIN'NY FIANTOHANA

**Izay mila fiantohana dia mila mitondra karatra ara-dalàna hatrany**




1. Feno sy ara-potoana ny fandoavana latsa-kemboka
2. Ny anarana sy ny sarin'ny marary dia ao anatin'ny karatra
3. Ny sarin'ny marary dia misy fitomboky ny AFAFi

Mitondrà **"Tapakila Vonjy" (tapakila mavokely)** rehefa mankany amin'ny **dokotera mpiara-miasa**

Mitondrà **"Tapakila Tsinjo" (tapakila maitso)** rehefa mankany amin'ny **farmasia mpiara-miasa**

Antsoy ny **033 23 839 39 amin'ny fotoana rehetra** Raha hiditra hopitaly **(Antananarivo)**

Hita eny amin'ny **birao AFAFi** mahazatra anao ny **lisitry ny dokotera** mpiara-miasa

Raha manana olana manokana, antsoy AFAFi **033 11 043 42**

## Isan'ny mpikambana (Aogositra 2025)

- Fianakaviana mpikambana : 8 890
- Olona rehetra mpikambana : 27 400

## Isan'ireo olona rehetra nisitraka fiantohana (Janoary - jona 2025)

- Tapakila vonjy: 8 966
- Olona niditra hopitaly: 257
- Isan'ny mpiteraka: 776

## Isan'ireo tobi-pahasalamana mpiara-miasa: 289

- Dokotera na CSB libra : 140
- Hopitaly : 13
- CSB II mpanjakana : 76
- Farmasia :34
- Laboratoire fitiliana : 9
- Dokotera spesialiste (échographie) : 17